# 365Tantara

## 87. Very fa hita indray!



# 87. Very fa hita indray!

Fony hatry ny ela, nisy vehivavy mananon-tena iray namelona ny ankohonany marobe ary nampianatra ny tsirairay ny fanajana an'Andriamanitra sy ny olona.

Tsy azo amidy. Nanisy sary i Guillaume Girault. Nanatanteraka ny www.365histoires.com Paris. Frantsa



Nalahelo mafy izy raha nanaiky hanaraka na-man-dratsy i Pierre zanany, ka nitsoaka tany am-pita. Tamin'ny niaingany dia niangavy azy ny reniny hitondra testamenta vaovao izay misy ny anarany sy ny adiresiny Hoy izy:

- Raha tia ahy ianao, vakio ny Tenin'Andriamanitra, Tsy manilika izay manantona azy mihitsy i Jesosy.



Tsy nisy vaovao nandritra ny taona maro, avy eo dia naheno izy fa rendrika ilay sambo nandehanan-janany. Ny fanaintainana sy ny fanantenana an'Andriamanitra no nifanjevo tao am-pony. Ela be taty aoriana, nisy tantsambo nandondona tao am-baravarany, rehefa nandeha ny resaka dia naneho ny fahatsiarovany izy:



- Rehefa rendrika tao amin'ny nosy iray izahay, dia maty taorian'ny valo andro ny zanakao.
Matetika izy no namaky boky kely izay nomenao azy hono.

Izay no nampionona azy, nivavaka izy ary tsy niresaka afa-tsy ianao sy io boky io.

Tamin'ny farany dia nomeny ahy ary hoy izy:

- Raiso ary vakio inty! Hahita ny Tompo Jesosy ianao, tahaka ny nahitako Azy. Ary hanome fiadanana ho anao Izy.



Tsy azo amidy. Nanisy sary i Guillaume Girault. Nanatanteraka ny www.365histoires.com Paris. Frantsa



- Any aminao ve io boky io? hoy ilay reny. Navoakany avy any am-paosiny ka nasehony azy. Fientanampo izany! Tena ny anarany sy ny sora-tànany io. Tena ilay Testa¬menta vaovao nomeny ny zanany ilay izy. Toa nisy feo avy any an-danitra niteny tao am-pony:

Velona mandrakizay ny zanakao. Filazantsaran'i Lioka 15:24 "Fa ity zanako ity efa maty, fa velona indray, ary efa very, fa hita indray. "

Noho izany afaka  mivavaka isika:

Tompo ô, mangataka aminao aho ho an'izay rehetra lavitra anao mba hahafahany tonga eo Aminao. Aoka ho fitaovana am-pelatananao ny tenako ary ho maro no haheno ny feonao!